
Talatamaty ILC. No terrorism 02 Août 2016.mp4 - Lecteur multimédia VLC
Média Lecture Audio Vidéo Sous-titres Outils Vue Aide
LES VACANCES
INTERNATIONAL
www.madagate.org
40:14
84%




*******************************************************



ICI -







Ali Mattir, Proviseur



**Conférence de presse du Collège International Lumière**

Tout d'abord, comme nous l'avons dit, nous, International Light College (ILC), condamnons fermement la tentative de putsch militaire qui a eu lieu en Turquie, le vendredi 15 Juillet et réaffirmons qu'il n'y a pas de place pour les interventions militaires dans la démocratie.

Le coup d'Etat militaire, tentative du renversement du gouvernement turc, était un acte d'agression militaire et d'injustice.

Nous avons toujours soutenu le développement de la démocratie de la Turquie malgré les croissantes pratiques anti-démocratiques au cours des dernières années.

Deuxièmement, comme vous le savez, Volkan Vural Türk, l'Ambassadeur turc de Madagascar a organisé une conférence de presse pour accuser notre ILC. Nous, ILC, nions fermement ces accusations sans fondement par l'ambassadeur Turc. Nous devons dire qu'elles sont inacceptables de notre côté.

En outre, en tant qu'organisation responsable opérant à Madagascar depuis 2002, nous sommes au courant des lois du pays et nous donnons le meilleur de notre capacité pour respecter ces dispositions.

De plus, nous allons vous démontrer les succès et les réalisations de notre école depuis 2002 à 2016.

Enfin, nous sommes maintenant en période d'inscription, le fait d'être exposé par ces accusations nous cause un préjudice financier et émotionnel. Par conséquent, nous allons les poursuivre en justice.

www.madagate.org




www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


LES VACANCES
www.madagate.org


www.madagate.org


LES VACANCE
www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


LES VACANCES
www.madagate.org



www.madagate.org

**TARATASY MISOKATRA HO AN'NY FILOHAMPIRENENA MALAGASY**

*Voninahitra ho anay Ray aman-dRenin'ny mpianatra Malagasy nianatra ary* mbola mianatra ao amin'ny sekoly tsy miankina : **Collège La Lumière International sy ny Institut Ravinala** eto Antananarivo Renivohitra, izay sekoly sy foibe fanabeazana naorin'ireo teratany Turcs nanomboka tamin'ny taona 2002, no manao izao fanambarana sy fahampafantarana izao ho anao Filohampirenena Malagasy:

Ho valin'ny fanambarana nataon'ny Ambasadaoro ny Turquie miasa sy monina eto Madagasikara, dia mijoro ho vavolombelona izahay Ray aman-dReny fa tsy nisy ary tsy misy mihitsy izany fampihofanana ho amin'ny fampihorohoroana (terrorisme) *izany tao amin'ireo foibe fanabeazana ireo. Fanosoram-potaka* an'ireo teratany Turcs miasa sy mitantana an'ireo foibe ireo fotsiny izany ary fanalana baraka ny Malagasy.

Fampianarana sy fitaizana ny ankizy Malagasy mba ho olom-banona, manam-pahaizana ary tia tanindrazana no fototry ny fanabeazana tao. Ray aman-dReny miisa *an'arivo no afaka mijoro ho vavolombelona amin'izany.*
Marobe ireo soa azon'ny taranaka Malagasy nianatra tao : fanampiana, vatsim-pianarana ho an'ny zanak'ireo fianakaviana sahirana marobe. Sambany teto Madagasikara no nisy **Sekoly tsy miankina afaka nampita zanaka fianakaviana Malagasy sahirana nianatra hatrany am-pita hanoy ny fianarany.** Afaka hijoro *vavolombelona koa ireo mpianatra ireo izay mianatra any am-pitan-*dranomasina sy ireo izay efa nahavita ny fianarany.
Nitondra fanantenana ho an'ny fianakaviana Malagasy maro ireo toeram-pampianarana izay tazomin'ny terantany Turcs ireo.

Koa *noho izany,* Andriamatoa FILOHAMPIRENENA, *miangavy anao izahay* Ray aman-dRenin'ny mpianatra sy ireo mpianatra maro be, mba hijery akaiky ny tena marina amin'ny fanambarana nataon'ny Masoivoho Turc eto Antananarivo. Lavinay tanteraka ny filazana fa mpampiorohoro ireo teratany Turcs miasa eto Madagasikara ireo, ary ny mpianatra niofana tao dia lasa ho mpampiorohoro. *Efa mihoatra ny folo taona no niasan'ireo vahiny ireo fa tsy* mbola nisy zavatra nampiahiahy tamin'ny nataony sy ny fihetsiny. Afaka manao fanadihadiana ny Fitondrampanjakana Malagasy eo amin'ny Communes sy ny fiaraha-monina izay misy an'ireo Teratany Turcs sy Toeram-pampianarana ireo.

Ny firenena Malagasy dia mila an'izany toe-tsaina nananan'ireo vahiny Turcs ireo izay nampiseho fiaraha-miasa marina sy tena mivaingana ary mahomby *amin'izao zavamisy ara-toekarena eto amin'ny firenentsika izao.*

Koa miangavy anao Raiamandreny faratampony eto amin'ny Firenena izahay, mba hamela malalaka ireo sekoly ireo hanohy ny fanabehazana izay sahaniny, ary hamela ihany koa ireo mpanabe vahiny ao aminy, hanohy ny asany eto Madagasikara *eo amin'ny sehatrin'ny fampianarana.*

Marihinay eto, fa tombontsoa lehibe ho an'ny Firenentsika ny fisian'ny sekoly vahiny manampy antsika toy izao. Vonona izahay ny hifampidinika aminao amin'izay rehetra mety hatao araka izay maha-mety azy, amin'izao fisehoan-javatra izao.

Raiso Andriamatoa Filohampirenena, ny haja ambony atolotray Anao.

Antananarivo, faha 01 Aogositra 2016

Ny *fikambanan'ny* Raiamandrenin'ny *mpianatra tranainy sy amin'izao fotoana* izao ao amin'ny collège La Lumière International sy ny Institut Ravinala.

www.madagate.org










www.madagate.org


LES VACANCES
www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org
LES VACANCES


www.madagate.org


LES VACANCES
www.madagate.org


LES VACANCES
www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


INTERNATIONAL
LIGHT COLLEGE
www.madagate.org